Tao aorian'ny vokatra vonjy maika 2
**Manahy ny fihenjanan'ny toe-draharaha ny OIF**

Fifidianana sy voka-pifidianana 6
**Misy mandrahona ireo mpanara-maso avy amin'ny Safidy**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 28 novambra 2023 Laharana 1500 Vidiny : 600 Ar

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


Fifidianana sy voka-pifidianana 2
**Mitombina tanteraka ny ahiahy rehetra hatramin'izay**

Fodiamandry 2

## Afaka nandevina ny zanany lahikely 8 taona ihany i Berija



Transparency International Madagasikara 2

## Tandindonin-doza ny firenena noho ny famoahana vokatra « fôpla »



Fividianana fa tsy fifidianana 3

## Foano ny voka-pifidianana hoy ny maro




CEG Bezezika faritra Menabe 6

## Mampalahelo fa mianatra amin'ny tany ireo mpianatra



Analamahitsy Tanàna 6
**Nipitika lavidavitra ny zazavavikely voadonan'ny fiara mafy**

Tranombarotra BAOLAI 6
**Misy fihenambidy amin'ireo TV Jeyoo**

**Daka kely**

Toa mitoka-monina ohatran'ny boka ialahy ry Boaikely a !

FODIAMANDRY

# Afaka nandevina ny zanany lahikely 8 taona ihany i Berija

Afaka nandevina ny zanany lahikely 8 taona izay nodimandry ny sabotsy teo ihany i Berija Ravelomantsoa, izay mbola mamita sazy eny Antanimora amin'izao fotoana, noho ny fanagadrana tsy andrariny ataon-dry Rajoelina sy ny forongony azy. Afaka nivoaka ny fonja izy omaly ary afaka niatrika ny fanaovam-beloma farany ity zanany lahikely ity, niaraka tamin'ny vady aman-janany, ny fianakaviany ary ireo tapaka sy namany. Vao vita ny fandevenana dia tsy maintsy naverina eny Antanimora ihany izy. Tonga namangy sy nampahery ny fianakaviany ny birao politikan'ny antoko HVM, ny tanora RMDM, ireo mpanao politika avy amin'ny vondron'ny kandidà 10 ary ireo vehivavy mpanao po-



*Berija sy ny vady aman-janany teny Itaosy omaly.*

litika,... Tsiahivina fa niditra am-ponja i Be-Rija ny volana jona 2020 ary nomelohin'ny fitsarana hisazy 44 volana an-tranomaizina sazy mihàtra ny Septambra 2020. Mbola mamita ny saziny 44 volana any am-ponja izy tao anatin'izao fahalasanan'ny zanany izao. Tokony hivoaka ny fonja izy arak'izany amin'ny volana febroary 2024 izao.

***Niaina***

Tao aorian'ny vokatra vonjy maika

# Manahy ny fihenjanan'ny toe-draharaha ny OIF

Naneho ny heviny mahakasika ny fifidianana sy ny voka-pifidianana vonjy maika teto Madagasikara ny OIF : Organisation Internationale de la Francophonie. Isan'ireo nametraka mpanaramason'ny fifidianana teto amintsika izy ireo, ka nahita ny tsy mba nisian'ny fifampiresahana teo amin'ny mpitondra sy ny mpanohitra mialohan'ny fifidianana. Nilaza ny fitanilan'ny governemanta ny mpanohitra hoy izy ireo, nisy ny fanakantsankanana tsy nahafahana maneho hevitra, ary ny fampiasankery amin'ireo hetsika




ataon'ny mpanohitra sy ireo fiarahamonim-pirenena. Vitsy ny olona no tonga nifidy. Ny OIF dia mahita fa mizarazara ny malagasy, ary maneho ny fanahiany ny mety hitranga aorian'ny fifidianana, toy ny fanoherana mavaivay sy ny fihenjanan'ny toe-draharaha. Manamarika ny OIF fa tsy tomombana ilay hoe fifidianana handraisan'ny rehetra anjara na ny "inclusivité", satria tsy nandray anjara ny ankamaroan' ireo kandida izay nitaky ny fanovana ny rafitra mikarakara fifidianana. Manao antso avo hoan'ny mpisehatra rehetra noho izany ny OIF, mba hiverenan'ny fifampatokisana sy hamerenana ny tany tandalàna. Miantso ny rehetra ny OIF, mba hifampidinika hitadiavana izay hisian'ny fitoniana ara-politika, fa izay no hampisy filaminana sy fahamarinan-toerana ho amin'ny fampandrosoana.

***Stefa***

Transparency International Madagasikara

# Tandindonin-doza ny firenena noho ny famoahana vokatra « fôpla »




Transparency International Madagasikara, tandindonin-doza ny firenena noho ny famoahana vokatra ''fôpla'' nataon'ny CENI. Manaiky ny tsy fanarahan-dalana izay mankatoa ny valim-pifidianana nisy. Taorian'ny famoahana voka-pifidianana vonjimaika tetsy amin'ny CENI ny sabotsy teo, namoaka fanambarana ny Transparency International - Initiative Madagascar (TI-IM), mahakasika ny famoahana ny valim-pifidianana vonjimaika sy ireo tsy fanaraha-dalàna maro hitan' izy ireo tao anatin'ny fanomanana ny fifidianana. Natao amboletra sy an-terisetra ny fifidianana ary hitan'ny mason'ny rehetra izany hoy ny TI-IM. Tsy niaro ny hasin'ny vahoaka anefa ireo manana ny fahefana hampitsahatra izany. Tandindonin-doza ny firenena noho ny tsy fahaiza-mitantana sy famoahana voka-pifidianana fôpla. Efa fantatra fa mananontanona ny loza saingy nisafidy ny hangina ny maro an'isa ary namela izany hitranga, na dia teo aza ireo tsy fanarahan-dalàna sy tsy fanajana ny zon'olombelona ary ny fisian'ny kolikoly. Mitovy amin'ny fanekena sy ny maha ara-dalàna ireo tsy fanarahan-dalàna rehetra ny fanekena ny valim-pifidianana io. Azo lazaina fa manaiky ny fanararaotana ny fahantrana ho tetika farany handresena amin'ny fifidianana ny fanekena ireo valim-pifidianana ireo. Mila hajoro ny fanoherana ny tsy fanarahan-dalàna, sy ny fisamborana izay hiarovana tombontsoa manokana ataon'ny fanjakana. Mila mandray ny andraikiny ny tsirairay, hoy ny fanambarana.

***Stefa***

## Ny Valosoa sy fakafaka

### Fifidianana sy voka-pifidianana

### Mitombina tanteraka ny ahiahy rehetra hatramin'izay

Raha niafina nandritry ny 5 taona izay dia niseho vatana ankehitriny, ny fanerena ny vahoaka malagasy hanaiky Frantsay hitondra azy sy ity Madagasikara ity. Nanamafy ny ahiahy rehetra talohan'iny fifidianana natao amboletra fotsiny iny ny vokatra navoakan'ny Ceni, izay vaomiera miharihary fa mitanila ary tsy mahaleotena, no sady natao fitaovana, ny sabotsy lasa teo. Ahiahy mitombina ny amin'ny tsy fahamarinan'ny fanomanana sy ny fanatanterahana ny fifidianana sy ny ketrika maloto tiana hahatongavana ao anatin'izany. Voaporofo mazava izany, fa izay kentrina ihany no tsy afaka hahalala izany, ary koa ankoatra ireo minia mikimpy sy ho jamba noho ny vola nomena azy.
Tsy nisy niraika ny ankamaroan'ny vahoaka malagasy, satria efa fantany ny lainga tsara lahatra atao ao anatin'izao famoahana vokatra izao. Ho toy izany ihany koa ny handraisan'ny vahoaka ny an'ny HCC hivoaka eo, ary mety mbola ho hafahafa ratsy noho ny an'ny Ceni aza, hoy ny mpamakafaka. Satria, ireo no fositry ny ratsy amin'izao fifidianana filoham-pirenena 2023 izao. Tsy nisy izay tsy nahalala ny fitanilan'ireo tomponan'andraikitry ny fifidianana roa ireo, fa tsy nipetraka amin'ny hasiny na kely akory aza na mba hoe nitsinjo ny hoavin'ity firenena ity sy ny taranaka any aoriana. Raha sain'olom-pirenena tsotra fotsiny aza fa manana ny fahamendrehany sy mandala fahamarinana tsy ho sahy velively, ary tsy hanaiky ny sainy ny amin'ny tsy fandraisan'anjaran'ny kandidà sy ny fisiana kandidà naratra tsy afaka hanao fampielezan-kevitra, ka ekena ny hanatanterahana fifidianana toy ireny. Fa eto amin'ity firenena ity izany, iaraha-mahita tsara izao, fa olom-boatendry natao hanatanteraka politika maloto eto amin'ity firenena ity, no mihazona ny toerana tompon'andraikitra sy raharaha lehibe rehetra. Manampy ireo sy miray petsapetsa aminy ilay vondron'olom-bitsy mpikotrika asa maloto na « mafià » hanageja ny vahoaka malagasy sy ny firenena. Tsy atao hahagaga velively raha kianja maloto sy lalao maloto no fomba nanatanterahana iny fifidianana amboletra iny. Mazava loatra rahateo, fa tsy maintsy amboletra ny ahafahana manatanteraka zava-maloto toy izany. Araka izany, izao izany dia ampidirina anaty sehatra maloto tanteraka ny malagasy sy ny firenena. Ny asa maloto tsy hahazoana asa madio velively, ary fiteny malagasy aza ny hoe "vorondolo tsy hitera-boromanga velively". Dia tsy atao hahagaga ihany koa, raha mbola lainga hatrany sy fampandriana adrisa na ronono an-tavy no ambaran-dRajoelina tamin'iny sabotsy iny, raha ny momba ny resaka fampihavanana sy firaisan-kina. Mbola hitohy hatrany ny famitaham-bahoaka, ary eo rahateo ireto olony mpamoaka vokatra feno tsy fahamarinana ireto aorianany. Izay no katsahin'izy ireo iainan'ny vahoaka malagasy hatrany, hahafahany mangeja sy mampahantra azy mba azo fitahina sy lalaovina mandrakariva. Hadisoana tanteraka ny manantena zavatra amin'ny olon'ny frantsay mikasa hitondra ity firenena ity.

***Sôh'son***

PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Notiavina R.**

## Ny Valosoa sy hadihady

### Fividianana fa tsy fifidianana

# Foano ny voka-pifidianana hoy ny maro

Fividianana fa tsy fifidianana no nisy teto amintsika, noho izany dia tokony ho foanana ny voka-pifidianana tamin'ny fifidianana ny 16 novambra lasa teo hoy ny maro. Vokatra tsy azo antoka npo nivoaka tao amin'ny CENI ny sabotsy teo, ary mbola ho vokatra tsy azo antoka izay koa no ho havoakan'ny HCC. Araka ny hita sy re manerana ny faritra maro, dia tsy azo inoana mihitsy ny voka-pifidianana nivoaka teo noho ny tandrevaka izay misy eo amin'ny Ceni sy HCC raha ny angombaovao voaray. Teo amin'ny resaka karatra moa, dia lasa nalalaka ny fahafaha-mifidy, eny na dia tsy manana io karatra io aza, tsy hita izay fitsarana nataon'ity HCC ity raha izany, ka nahatonga ny maro hilaza fa tsy "HAUTE COUR CONSTITUTIONNELLE" intsony; fa lasa " BASSE COUR " mihitsy angamba hoy izy ireo. Mihevitra ny vahoaka mpifidy ho vorona sy akoho, tsipazana akotry fotsiny ihany sisa ry Rajoelina sy ny forongony. Manamafy izany ny fanontaniana tonga amin'ny gazety : mba nisy naka sary ve ireny olona tonga nifidy tamin'ny karapanondro ireny fotsiny ihany, nefa efa nambara, fa alaina sary izay mifidy, tsy manana kara-pifidianana, sady olana ho an'ny biraom-pifidianana ihany koa. Mba nisy fangalan-tsary natao ve tamin'ireo BV nahitana tranga mitovy, ka mba voarain'ny Ceni ka ho tonga eny amin'ny HCC? Toa resaka be fotsiny ihany izany. Ny Praiminisitra teo aloha Monja Roindefo aza moa dia nilaza, fa raha tokony hikatona ny alakamisy 16 novambra amin'ny 5ora sy sasany hariva ny biraompifidianana tany atsimo tany, dia mbola nanohy izany ny zoma 17 novambra, ka mahagaga ihany hoy ny filazany : aiza ilay HCC? Tsorina fa mba nahazo fanofanana ihany ny tompon'andraikitry ny birao tsirairay, eo koa ny solontenan'ny kandida na delege, nefa dia kitoatoa fotsiny ihany sisa. Ny rehetra dia samy mahatsapa izao fa toa novonjivonjena ny famoahana ny vokatra, mety hatao desambra ny investiture fa tsy janoary, mba hanosehana ilay kandidà Vazaha hatrany no paika ve? mba hamonjena ny raharaha maizina any Londres ve hoy ny mpanara-baovao sasany? sa dia efa matahotra ny fanoherana mafy mety hitranga koa, hoy ireo vahoaka very anjara vola farany, voalaza fa tokony ho mbola nomena 300.000 Ar.

HCC tsy azo atokisana koa no misy eto, miray tsikombakomba amin'ny ratsy, tsy manaja ny anjarany intsony, fa dia manome vahana ny tsy rariny hatrany, eny fa na dia ny fanendrena ny filoham-pirenena teteza-MIITATRA teo aza, lasa kitranoantrano sisa.

***Beharo***

**VOKA-PIFIDIANANA VONJY MAIKA**

# Tsy natao hahagaga ny vokatra nivoaka, ni-''fraude" Rajoelina

Raha any an-dakilasy, no anoharana ny fifidianana amboletra teo iny, dia mpianatra manao « fraude » no misy. "Fraude" no nataon'i Andry Rajoelina ka nahazoany isa tsara, anisan'izany ny fanafenana taloha ilay 8 cm, fa nivoaka ihany izany tamin'ity taona ity. Midika tsotra izao, fa tsy fahaizana izany raha any ampianarana. Mpianatra tsy mamitaka ny tenany fotsiny ihany, fa mamitaka ny rehetra hatramin'ireo ray aman-dreniny. Toy izany koa ny an'ity kandidà frantsay ity, tsy ny tenany ihany no fitahiny, fa ny vahoaka malagasy manontolo mihitsy, ary hatramin'ny any ivelany io. Ny tena mpampianatra anefa mahalala tsara ny fahaizan'ilay mpianatra, ary ny taranja nanalàny fanadinana tsy misy ary tsy anaovana fahagagana, fa tena mitaky fahaizana. Miharihary araka izany, fa hala-tahaka na "fraude" matoa izy nahazo naoty tsara, ary tsy misy fanazavana ankoatran'izay. Eto amin'ity resaka fifidianana ity ihany koa, dia toy izany. Tsy misy afa-tsy hosoka sy tsy fahamarinana ihany no hany tokana hahafahan'i Andry Rajoelina nahazo vato. Raha nanao toy iretsy kandidà 10 tsy nanao fampielezan-kevitra izy angamba fa niandry fotsiny, dia azo inoana marimarina fa zara hahazo isam-bato 1 hatramin'ny 5% raha be indrindra. Efa ny olom-pirenena manerana ny Nosy manontolo mihitsy, iarahamahalala, no efa manilika azy, ary fantany tsara izany matoa nampiasa vola be izy nividianana vato, sy ny fanerena ireo mpiasam-panjakana isantsokajiny hiandany sy hifidy azy ka nampiakatra ny taha-pahavitrihana tamin'ny fifidianana. Nampiasainy ihany koa ny volabe nanambazana ireo rehetra rantsa-mangaika azo atao fitaovana rehetra hanerena ny voka-pifidianana ho amin'ny hahalany azy. Tsy atao hahagaga raha ireny tsy niahotra ireny ny filohan'ny Ceni namoaka izany. Ary ny manorisory ny sain'ny olom-pirenena maro, dia izy indray no manao môraly ny rehetra eo am-pamoahana ny vokatra. Izy anefa no tokony handinitena mafy sy hisaina lalina ny amin'ny hiafaran' ny firenena. Aoka tsy hanilika ny fahadisoana amin'ny hafa na hisarangotra amin'ny rehetra, fa mipetraha ho irery tompondraikitra marina mandàla ny fahamarinana izay andrandrain'ny vahoaka malagasy mafy. Asaina miharitra "mpianatra tsy mahay nefa afapanadinana" izany izao ny vahoaka Malagasy, izay no tanjon'izy ireo. Mazava loatra sy efa fantatra indray koa ny ho vokatr'izany.



*Ny CENI namoaka voka-pifidianana ''fôpla" ny sabotsy teo.*

***Sôh'son***


**PRIERE AU SACRE CŒUR**



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Nivoarisoa R.**


**facebook NY VALOSOA VAOVAO**

### Kandidà Rajoelina

## Izy irery no namaly ny CENI satria ao antony ratsy



**Hetsika Montpellier :** naningana ny kandidà Rajoelina izy irery no hany tonga teny amin'ny CENI, misy antony izany amin'ny tsy fahatomombanan'ny vokatra. Antony ratsy no nampaningana azy irery tonga teny Ivandry. Izy irery no nifanianana, izy irery no tsy mety mifanatona hitady vahaolana, izy irery no nakeny @ ceni, izy irery no nandresy olona, izy irery no nangalabato, izy irery no nividy ny vaton'ny mpifidy, izy irery no nanao putsch t@ 2009, izy irery no nanao doublons t@ 2018, izy irery no matahotra ho voaantso any Londres @ raharaha Romy, izy irery no tena halam-bahoaka eto Madagasikara, izy irery no mampiasa ny herimpamoretana hamonoana ny tsy mitovy hevitra aminy, izy irery no be vola afaka mifaninana @ Akhbaralyy sy Ravatomanga, izy irery no frantsay tsy mahay teny frantsay nefa miseho miteny frantsay rehefa miteny gasy, izy irery no filoha tsy manana bacc. Izy irery no filoha tsy mahay manisa, izy irery...

**Suzy Weynands :** loza be.

**Rambelo Rambelo :** izy irery no hotsarain'ny tantara.

**Minou Chou : Rambelo Rambelo :** zay mihitsy.

**Sebastien Andriama :** efa tsy mahalala menatsa tsony mampalahelo.

**Hary Ravomanana :** izy irery no natosiky ny CENI sy ny HCC t@ fividianana.

**Gerald Mac Mac :** izy rery foana v?

**Magali Rasanj :** tsy mahalala menatra ireo mpisoloky mpangala-bato.

**Mahatehotia Iankinantsoa :** ka heveriny fa azy rery moa Madagasikara koa !

**Lalahery Ranaivo :** lalao tsy nisy goal.

**Hery Kelly : Lalahery Ranaivo :** no sady tsy misy spectateur kanefa mihoraka irery!

**Nicole Andriamarosoa :** tsy misy ohatran'ny miaraka @ be sy ny maro.

**Lala Rami :** izy no nipetraka irery teo tsy vady tsy zanaka, avy eo vao nofenoin'ny acolyte ny seza banga.

**Keke Marina :** ry Tgv irery no eo ambony terrain.

**Willy Randrianjatovo :** lay hifanatona koa aloha tsy azoko mihitsy ngah misy fifampiraharahana tokony atao ?

**Vololona Rasoarinivo :** Willy Randrianjatovo : raha misy tsy manaiky ny hevitrao ve ao antokantranonao dia tsy hiresaka ianao fa hiziriziry amin'ny hevitrao! Ary ray aman-drenin'ny Malagasy eto ilay resaka sa ve hoe ray aman-drenin'izay nifidy azy ihany ! Azafady fa izay no marina!

**Zo Antenaina Randrianarisoa :** izy irery no misoratena ho Bruce Lee amin'izao fotoana izao...

## TONONKALO

### Ahoana hoy ny frantsay ?

Modimody tsy miteny sy tsy manana hambara,
Nefa mbola te hibahana eto Madagasikara.
Kandidà vazaha no tiany ary satriny hotohanana,
Ka inoana fa hoekeny izay ho voka-pifidianana !

Fihatsarana vela-tsihy sy mody fanadiovan-tena
No iarahany amin'ny vondrona sy ny iraisam-pirenena,
Saingy tsinjotsinjo ihany fa ny sainy efa manidina
Sady miomana hibahana amin'ny « nosy manodidina » !

Mbola satriny hotohizana izany atao hoe fanjanahana
Ary iretsy « gasy vendrana » no tadiaviny hiarahana.
Ireo no azony vidiana sy baikoina ho havia sy havanana,
Ka dia nisy dian-tanany tamin'ny zotram-pifidianana !

...Na izany na tsy izany, teninay dia tsotra ihany :
Fadin-dambo amin'amboa ny mbola hanaiky ho zanatany!
Olona afaka ny gasy ka dia tena lavinay
Ny mbola hisian'ny mpitondra hobaikoin'ny frantsay !

***DADAN'i RIANA (25-11-23)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Ny Valosoa, Helisoa

Ny tolona tany Paris ny sabotsy teo, nataon'ny tanora ho fanoherana ny didy jadona, ny fampihorohoroana, ny lainga, fitaka, hala-bato aty Madagasikara.






Hetsika fotsy notanterahan'ireo Malagasy monina any Montréal any Canada ny sabotsy teo.







Niombona alahelo tamin'ny fianakavian'i Berija, ireo mpikatroka avy amin'ny antoko HVM, notarihan'ny mpandrindra nasionaly Rivo Rakotovao.









## NY TENY FIAINANA

*"Amin'ny fanahiko no aniriako Anao nony alina; eny, ny saiko ato anatiko no itadiavako Anao fatratra; fa raha mamely ny tany ny fitsaranao, dia mianatra fahamarinana ny mponina amin'izao tontolo izao."*
***Isaia 26:9***

### Road To Bal 2024 – Elite 16 Division Est

# Tsy tafita ho any Rwanda ny Cospn

Tsy tafita ho any Kigali Rwanda, hiatrika ny dingana famaranana, amin'ny fifaninanana basikety "BAL (Basketball Africa League) 2024" ho tanterahina amin'ny volana martsa 2024 ho avy izao ny ekipa Malagasy Cospn, niatrika ny fifaninanana "Road To Bal 2024 – Elite 16 Division Est" notanterahina tany Johannesburg Afrika Atsimo tao amin'ny kianja ""Ellis Park Arena" ary nifarana tamin'ny alahady 26 novambra 2023 teo, fa lavon'ny ekipan'i Dynamo du Burundi tamin'ny moka fohy 79-78 teo amin'ny lalao fiadian-toerana tamin'io fifaninanana io. Teo amin'ny lalao ankatoky ny famaranana natao


Ny Cospn Madagascar tany Johannesburg.

tamin'ny sabotsy 25 novambra teo tao amin'ity kianja ity ihany dia lavon'ny ekipan'ny Capetown Tigers tamin'ny isa 67 noho 63 ny Copn. Ity ekipan-dry zareo mpampiantrano ity ihany izay nandresy 70-68 ny "City Oilers de l'Ouganda" teo amin'ny lalao faramarana, no voahosotra ho tompondakan'ity "Road To Bal 2024 – Elite 16 Division Est" ity. Ny ekipan'ny "Capetown Tigers Rsa" sy ny "City Oilers de l'Ouganda" ary ny "Dynamo du Burundi" izany, no ekipa telo tao amin'ny Division Est tafita any amin'ny dingana famaranan'ny BAL 2024 hatao any Rwanda io.

***Rainilita***

### Forum Africain de Mini-Basket 2023

# Tany Dar-Es-Salaam Tanzanie ihany koa ny filohan'ny FMBB

Tany Dar-Es-Salaam Tanzanie ihany koa, nanatrika ny « Forum Africain de Mini-Basket 2023 », izay nofaranana tao amin'ny kianja «Donbosco Oysterbay - Dar Es Salaam », tamin'ny sabotsy 25 novambra 2023 teo ny filohan'ny FMBB, Ramaroson Mika, niaraka tamin'ireo Mpanazatra niisa 50 sy Zaza 5 taona ka hatramin'ny 12 taona nahatratra 400 isa, avy amin'ny firenena niisa 16. Marihana fa tanjona tamin'ity Praograma fanofanana mpanazatra ity ny fampiroboroboana ny « Minibasket » aty Afrika ary ny famoronana traikefa tsara sy maharitra ho an'ireo tanora mpisitraka ny taranja basikety, mba hitazonana azy ireo hatrany ao amin'ny vondrom-piarahamonina basikety. Tsiahivina fa nanana solontena mpiofana isika Malagasy nandritra io "Forum" io dia ny « Coach Danz be na Rakotoarisoa Razafintsalama Andry.



Ny filohan'ny FMBB tany Dar-Es-Salaam.

***Rainilita***

### Japoney Tomakazu Iwahori

# Nifarana ny « mission » nataony teo Madagasikara


Tomakazu Iwahori teny Tsiadana.

Efa tonga any Japon ankehitriny ilay mpilatsaka an-tsitrapo Japoney, Tomakazu Iwahori, araka ny tatitra azo, fa nifarana ny «mission » nataon'ity Tomokazu Iwahori ity, izay nataony nandritra ny roa taona teto Madagasikara, ho fanampiana ny taranja Judo Malagasy. Nitondra tohana manokana hoan'ny Judo Malagasy, indrindra teo amin'ny fampiofanana marobe izy tamin'izany ary nivoy marindrano ny kolontsaina japoney notovozina tao amin'ny taranja Judo ary nanampy betsaka ny tanora Malagasy ihany koa hisitraka ny tombontsoa maro azo avy amin'ity taranja ity. Marihana fa tamin'ny alalan'ny fiaraha-miasa matotra tamin'ny Jica Madagascar, no nahazoan'ity mpilatsaka an-tsitrapo japoney ity niasa teto Madagasikara, ka tamin'ny sabotsy 25 novambra teo, tetsy Tsiadana, no nanaovan'ny FMJ « Fédération Malagasy de Judo » notarihan'ny filohany, Said Bruno Eric veloma azy, sy nirariana soa ho azy ho tafaverina soa aman-tsara any an-tanindrazany.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa




Henomby sy kabaro sy anamalaho indray, no sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Hatao rony izany, na hatao ketsaketsa ihany koa. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Ny soa azo avy amin'ny ravina voamadilo na ravina kily

Ny soa azo avy amin'ny ravina voamadilo, na ravina kily indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Makà ravina voamadilo na feuilles de tamarinier, satria ody kohaka natoraly mandaitra sady mitsabo allergies izany.
Fomba fikarakarana :
Makà ravina voamadilo tangozany 7 dia ampangotrahy miaraka amin'ny ranona citron lehibe amin'ny loharano, na rano amin'ny vovo madio na eau vive 1,5 litatra mandritra ny 5 min dia atao rano fisotro mandritra ny tontolo andro ary sotroina ivelan'ny sakafo izany(azo mamiana tantely kely isaky ny hisotro azy. (Tsy mampiasa ranon'ny Jirama).
15 andro no faharetan'ny fisotroana azy dia hajanona 15 andro ary averina 15 andro dia ho sitrana tsy miverina intsony ny kohaka. Ankoatran'izay dia tsara raha mihinana legioma sy voankazo betsaka mampatanjaka ny hery fiarovana.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'i Toamasina suburbaine distrikan'i Toamasina II faritra Atsinanana

Ny tanànan'i Toamasina Suburbaine distrikan'i Toamasina II faritra Atsinanana indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Toamasina Suburbaine izy, iray amin'ireo kaominina miisa 15 mandrafitra ny distrikan'i Toamasina II. Vokatra any ny vary, ny voankazo isan-karazany toy ny manga, ny letchi, ny soanambo, ny ampalibe. Ny haninkotrana toy ny mangahazo, ny katsaka, ny vomanga.



FIFIDIANANA SY VOKA-PIFIDIANANA

# Misy mandrahona ireo mpanara-maso avy amin'ny Safidy

Mahakasika ny fifidianana sy ny voka-pifidianana, tamin'ny fifidianana amboletra natao teto amintsika ny 16 novambra lasa teo, misy mandrahona amin'izao fotoana, ireo mpanara-maso ny fifidianana avy amin'ny fiarahamonim-pirenena Safidy. Araka ny fanambarana nataon'izy ireo :"iharan'ny fandrahonana ireo mpanaramaso Safidy eran'ny faritra, ka amin'ny alalan'ny antso an-tariby no anaovan'ireo mpandrahona an'izany. Na nialoha, na nandritra ny fididianana, eny na hatramin'ny fikirakirana ny voka-pifidianana tany amin'ny SRMV aza dia mandeha foana ny fandrahonana ireo olon'ny Safidy ireo. Ny mpanaramaso avy amin'ny Safidy, no mpanara-maso ny fifidiana na anisan'ny niparitaka be indrindra manerana ny Nosy, ka mahafantatra tsara ny olana, sy ny hosoka ary ny tsy fanarahan-dalàna maro tamin'iny fifidianana filohampirenena farany teo iny, ka misy matahotra sy voatohintohina any, mahatonga izao fandrahonana miainga any izao.



*Anisan'ny mpitarika ireo mpanara-maso avy amin'ny Safidy.*

**Niaina**

CEG Bezezika faritra Menabe

# Mampalahelo fa mianatra amin'ny tany ireo mpianatra



*Sekolim-panjakana any Bezezika, mianatra amin'ny tany ireo mpianatry ny CEG.*

Mampalahelo fa mipetraka mianatra amin'ny tany ireo mpianatra amin' ny CEG any Bezezika faritra Menabe. Tranompokonolona tsy misy varavarana zara raha mitafo sady tsy misy dablio, no ianaran'ny mpianatra, misy trano efitra roa mba nomen'ny fanjakana saingy tsy misy fitaovana sady tsy mbola natolotry ny tompony dia tsy azo ampiasaina, ka dia vakivaky fotsiny ao ny rindrina sy fitaratra ary ahiana hirodana ho azy toy ny Tranoben'ny Serasera teo iny, satria efa ho avy ny orana. Miantso ireo malalatanana, sy izay afaka manampy ireo mpampianatra sy ray aman-dreny ao amin'ity Ceg ity noho ny fahasahiranan'ny ray aman-dreny, tsy hahafahany mampiana-janaka ny any Mahabo sy Ankilivalo ary na dia hiezaka aza izahay hoy izy ireo : ny rano ambolena tsy misy, etsy ankilany koa ny asan-dahalo mamely.

**Rajepa**

Tranombarotra BAOLAI

# Misy fihenambidy amin'ireo TV Jeyoo

Rehefa manakaiky toy izao ny volana desambra dia ny fety maro ho avy no hiantefan'ny sain'ny daholobe. Manana tolotra miavaka mifanojo amin' izany ny Tranombarotra « Baolai » etsy Soarano sy Analakely ary Bazar - Be Toamasina. « Maro ny entana vaovao, loha-laharana amin' ny kalitao sady mibika amin' ny vidiny mirary izay hita ato aminay. Izay hita ao ny Laser Tv samihafa misy hatramin' ny 120" - Smart tv sy télé led misy manomboka 32" hatramin' ny 85" ( misy antoka 1 taona daholo), congélateur ( izay mitazona ny hatsiaka aorian' ny delestazy), machine à laver smart wi-fi, réfrigérateur miroir, friteuses sy four multi - fonction, » hoy ny tompon ' andraikitra. Mbola misy koa ny entana maro ilaina amin' ny andavanandro toy ny subwoofer, climatiseur isankarazany, four à gaz sy électrique, écran plat marika « Toshiba », miniradio baffle bluetooth solaire, synthétiseur, machine à café à capsule, panneaux solaires mono sy polychristalline, table de mixage. Ny antsipirian'izany rehetra izany dia ho azo amin' ny « site web » sy pejy fb : baolai ary ao amin' ny 033 37 188 88 ( amin'ny ora fiasana). Dia ho maro loko tokoa ny famaranana ity volana ity miaraka amin' ny Tranombarotra « Baolai ».




*Entana hita amin'ny Tranombarotra Baolai.*

**Aly**

Groupe « Ny fitia »

# Miangaly ny « Mozika evenjelika Sihanaka »




*Ny Groupe Ny Fitia sy ny mpandihiny.*

Hanamarika ny faha- 05 taona nijoroany, amin'ny taona 2024 hiditra io ny Groupe « Ny fitia », tarihan'i Fanokely. Ity farany izay efa manana traikefa sy haizatra matanjaka eo amin'ny lafiny fitendrena zavamaneno (Gitara maranim-peo) sy ny famoronana tononkira ombam-peony, noho izy efa nilona an-taonany maro tao anatin'ny habaky ny mozika. Ny Pasitera Randriampionona Daniel, izay manatanteraka ny asan'ny mpiandry ondry, eo anivon'ny fiangonana FJKM Bejofo Fampihavanana, synodam-paritany Alaotra Chrome, no filoham-boninahitry ny tarika. Tao anivon'ny fiangonana FJKM Bejofo Fampihavanana rahateo no nahaterahan'ny Groupe « Ny fitia ». Antom-pisian'ny tarika ny hitory ny filazantsaran'i Kristy, amin'ny alalan'ny talenta ao anatin'ireo mpikambana. Marihana fa zanaky ny fiangonana avokoa no mandrafitra ny Groupe « Ny fitia ».

Anisan'ny mampiavaka ny tarika ny fivoizana ny « Hôsika » mampiavaka ny faritr'Alaotra. Mirona kokoa amin'ny filalaovana sy famolahana ny gadona mihetsika toy ny « Salegy… » anatin'ny sokajin-kira evenjelika ny Groupe « Ny fitia », hoy i Fanokely. Misy « jijy » ihany koa any anatin'ireo sanganasan'ny Groupe « Ny fitia », mba hanamorana ny fampitana ireo hafatra mafonja raiketin'ireo tononkira. Azo ambara ho mivoy ny « Mozika evenjelika Sihanaka », araka izany ny tarika. Anisan'ireo vazo mitaiza fanahy nahafantarana ny Groupe « Ny fitia » ny « Gônan'i Jesosy ». Eo ampiketrehana ny rindran-tsary ombam-peo amin'ny endrika DVD andiany faharoa ankehitriny ny Groupe « Ny fitia », izay handimby ny voalohany nirakitra rindran-tsary niisa 13. Hiara-dalana amin'izany ihany koa ny fanatanterahana fitetezam-paritra ho fanatanterahana ilay hoe : « Mitoria teny vaovao mahafaly ho an'izao tontolo izao ». Ramatoa Noro izay filohan'ny mpanazava SAMPATI, no misahana ny fitaizana ara-panahy sy ny lafiny fandihizana eo anivon'ny tarika. I Anjara, no mitan-tsoroka amin'ny famoronana ny soradihy. Mariah, Larciah, Tandrify, Manampy, Fanampy, Tsilavina, Malalatiana, Tsinjo, Finoana, Anjara, Kely, Keissah, Mia, Hasina, Avotra ary i Aina no mpandihy. Ny hanolotra ny kanto sy ny meva hatrany ho voninahitr 'Andriamanitra no tanjona ho an'ny tarika.

**Lalasoa Razafindrakoto**

Analamahitsy Tanàna

# Nipitika lavidavitra ny zazavavikely voadonan'ny fiara mafy

Nitrangana lozam-piarakodia ny tovovavy 3 mbola kely taona ny alahady maraina teo teny Analamahitsy Tanàna, manoloana ny sekoly EPP iny, raha nandeha hiampita teo amin'ny faritra fiampitana mazava, mamonjy ny fiangonana Fjkm teo akaiky teo, saika hamonjy fotoam-bavaka miditra amin' ny 6ora sy sasany maraina. Taitra ny manodidina nahita fiara nandeha mafy nentina vehivavy mbola tanora taona, nandona azy ireo, ka ny iray zaza 5taona, nipitika lavidavitra sady voadona teo amin'ny lohany, niakatra ny voamasony, novonjen'ny rehetra nentina tao amin'ny Hopital Imaho/Analamahitsy vao nalefa Hjra. Ireo 2 hafa tafapetraka teo amin'ny faritra fiampitana, nivadi-po, ka elaela vao nilaza fa zaza kamboty hono izy ireo, mpikambana amin'ny VSMAM/sehatra fitaizana zaza tsy misy mpiahy, ka nojeren'ny mpivavaka sy ny fokonolona teo amin'ny manodidina. Tsorina fa nandeha mafy io fiara Honda 9743 TBP io, ka nidona ihany koa teo amin'ny poteau Jirama vao tafajanona rehefa tsy voaaron 'ny hisatra lavareny izay nataony, ka nanaitra ny olon-drehetra. Tonga dia naka andraikitra ny Polisy teo akaiky teo, ary ny mpanao gazety naka sary teo koa nefa nahazo tabataba tamin'ny tompon'ny fiara, tsy mila alaina sary ny numero hono, fa tsy manan-jo amin'izany, efa naseho azy ny karatra sy badge teo akaikin'ny Polisy, ny rehetra koa nivazavaza taminy fa zo sy lalàna izany tompoko, mandrapahatongan'ny BAC/Polisy nanao constat teo, ary nalan'ireo tompon'ny fiara maika be ny numero teo aloha sy aoriana, nafenina raha ny fahitana azy. Hita fa tsy matotra amin' ny familiana fiarakodia ilay nandona, ka nahatonga ireo rehetra izay nahita niteny mafy azy ireo mihitsy aza.

**Beharo**



*Lozam-piarakodia teo Analamahitsy Tanàna ny alahady teo.*

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**25/11/2023 hatramin'ny 02/12/2023**

- **NOUVELLE** (Rue Indira Gandhi Tsaralalana) 020 22 370 03/034 22 370 03
- **SOANDRY** (Behoririka près de Luxor) 020 22 228 37/033 11 650 36 /034 98 379 12
- **HANITRA** (Ankorahotra) 020 79 312 81/020 22 350 80
- **MAMY** (67HA Nord Est) 020 22 318 21/033 74 154 87/032 26 859 84
- **TOKY** (Andrefan'Ambohijanahary) 034 11 264 41/034 11 264 42/034 11 264 50

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40

Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro
Vidiny: 600 Ar
Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 076 00

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com

**NATONTAN'NY**
Imprimerie de la RN7

Fametrahana 1500-11-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

### SKOTO FLM TANJOMBATO

## Nahavoly zanakazo 2000 fototra manamorona ny RN7

Zanakazo mora maniry miisa 2000 fototra no voavolin'ny Skoto ao amin'ny fiangonana FLM Tanjombato Antananarivo Atsimondrano ny sabotsy teo, teo ambonin'ny Tonelina Ambatofotsy ao amin'ny kaominina Tsiafahy distrikan'Antananarivo Atsimondrano, manamorona ny lalampirenena faha-7 : RN7 iny. Tanjona tamin' izao hetsika izao hoy i Zahay, filohan'ny sampana Skoto FLM Tanjombato, ny fiarovana ny tontolo iainana manamorona ny lalampirenena, sy fanamafisana ny fitaizana ireo ankizy Skoto koa, amin'ny fandraisany andraikitra eo anivon'ny fiarahamonina. Izao fandraisana andraikitra, amin'ny fiarovana ny tontolo iainana izao koa dia tafiditra amin'ny fankalazana, ny faha-20 taonan'ny sampana Skoto ny fiangonana FLM Tanjombato. Ato ho ato dia mbola hisy koa ny toy izao nataony ny faran'ny herinandro izao, eny Ambohimangakely Antananarivo Avaradrano, fambolen-kazo manamorona ny lalampirenena faha-2 : RN2 indray. Niara-niasa tamin'ny kaominina Tsiafahy ny Skoto FLM Tanjombato tamin'izao fambolen-kazo izao, ny fitaterana ny zanakazo, no anisan'ny tolo-tanana nataon'ny kaominina, hoy ny ben'ny tanàna, Ramatoa Andriamiarisoa Tiana Lalao. Nambarany fa nahatratra 125000 tany ho any ny zanakazo voavoly tany amin'ny kaominina Tsiafahy ny taon-dasa 2022, niarahana tamin'ny mpiara-miombon'antoka maro samy hafa ary nahatratra 80% teo no vanona ireo zanakazo novolena.

**Aly**



*Fihaonambe nasionalin'ny mpandraharaha tetsy Antaninarenina.*

9 volana voalohany tamin'ity taona ity

## Orinasa miisa 1.231 no nijoro teto Madagasikara

*Ny sary famantarana ny EDBM.*


Orinasa vaovao miisa 1.231 no nijoro teto Madagasikara tamin'ny 9 volana voalohany tamin'ity taona 2023 ity. Namoaka antontan'isa ny EDBM (Economic Development Board of Madagascar), mahakasika izay fijoroana orinasa vaovao teto amintsika izay. Amin'ny ankapobeny dia ny sehatry ny lamba, ny teknolojian'ny fampahalalam-baovao sy ny fifandraisana (TIC), ary ny varotra no mahasarika ny mpandraharaha kokoa, tamin'izay sehatry ny fampijoroana orinasa izay. Ankoatra izany, orinasa 200 mahery teo koa no niorina teo amin'ny lafiny fizahantany manerana ny Nosy. Raha eo amin'ny salany arak'izany, 136 eo ireo orinasa niorina teto Madagasirakara hatramin'ny volana septambra lasa teo.

**Aly**

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

N° 451




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### TENY MIFANAPAKA N° 451

| | A | B | D | E | F | G | H | I | J | K |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | | | | | | | | | | |
| 2 | | | | | | ■ | | | | |
| 3 | | | | | ■ | | | | | |
| 4 | | | | | | | | | | ■ |
| 5 | | | | | | | ■ | | | |
| 6 | | ■ | | ■ | | | | ■ | | |
| 7 | | | ■ | | | | | | | |
| 8 | | ■ | | | | | | | | |
| 9 | ■ | | ■ | | | | | | ■ | |
| 10 | | | | | | | | ■ | | |

**Mitsivalana**

**1.** Karazana fitaterana **2.** Ajanona, tsy raisina – Ao amin'ny garana **3.** Tanjaka – Fara mandimby **4.** Ao amin'ny datin'andro **5.** Sakafon-jaza – Fototenin'ny fiarovana **6.** Heloka (miv) – Isa Romana **7.** Kianteny – Hazandrano **8.** Fonenanay **9.** Rano maloto **10.** Tsy mazava – Mikoriana ao anaty

**Mitsangana**

**A.** Lahatr'isa, nomerao **B.** Fanahin'ny maty – Hekitara **D.** Foko **E.** Karazam-y – Hita ao amin'ny garazy **F.** Mampisafidy – Karazana anana **G.** Nanakaiky (miv) **H.** Hita ao amin'ny fery sy ny ratra – Vahoaka **I.** Solontena – Renirano **J.** Nasondrotra **K.** Tsirin-teny Iharana – Soloina

### Valiny Teny Tondro (0500)

**Mitsivalana**
- Miantoka
- AS – (G)ar(a)
- Namboly
- Dia – Nana
- Anilanao
- Kaki
- Akanga (miv)

**Mitsangana**
- Mandaka
- Isaina
- Maika
- Lig(y)
- Taona
- Lanja
- Kaina
- AR – Aoka

### Valiny Teny mifanaraka 0500

**Mitsivalana**

1. Oviala - Man 2. Lavo - Toaka 3. Ora - Ato 4. Mivahiny 5. Fahadimy (miv) 6. Hoe - Tamana 7. Ro - Nak(a) 8. Vaovao (miv) - Ila 9. No - Anay 10. Mpiasa (miv) - Ala

**Mitsangana**

A Olombelona B. Vary - Soa (miv) D. Vehivavy (miv) E. Ao - Ma (miv) - Ory F. Ahitra G. (V)at(o) - Mivoady (miv) H. Manao (miv) I. Matihanina J. Ako - Lalàna (miv) K. Na - Afaka

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Ny antoko HVM sy ireo mpitolona hetsika fotsy, nankahery an'i Berija sy ny fianakaviany, noho ny famoizana ny zanany lahy 8 taona.













Skoto ao amin'ny FLM Tanjombato, namboly hazo teny amin'ny lalam-pirenena faha-7 mihazo an'Antsirabe, ao amin'ny kaominina Tsiafahy, teny Ambatofotsy ny sabotsy teo.



